# ALAHADY VI - PAKA - TAONA A 2026



## *Tsy havelako ho kamboty ianareo, fa hankaty aminareo aho*

Ry Kristianina havana, efa herinandro maromaro isika no nivelona ny hafalian'ny Paka na dia ao anatin'izao vanim-potoan'ny krizy izao aza satria tsy ny krizy no faran-teny fa I Kristy nandresy ny ratsy, Alpha sy Omega araka ny hitantsika amin'ny Jiron'ny Paka. Mitohy hatrany diantsika satria I Jesoa Lalana sy Fahamarinana ary Fiainana nobanjinintsika tamin'ny alahady lasa teo dia miara-dalana amintsika tokoa, mpiara-belona amintsika eto anivontsika mamelona. Andriamanitra Famindram-po tokoa izy ka matoky isika fa ho resy tanteraka ny ratsy. Noho izany na dia eo aza izao sedra izao dia manenika ny fiainantsika ny hafalian'ny Paka vokatry ny fiadanan'I Kristy. Tsy ilay fiadanana araka ny fiheveren'izao tontolo azy fa araka ny nampanantenain'i Kristy izany hoe noho Izy lalana, fahamarinana sy fiainana, Mpiandry Ondry tsara ka na dia tsy tompon'ny ho avy aza isika dia matoky azy izay tsy mivadika mandrakizay mitantana antsika mitondra antsika amin'ny hasambarana.

**Vakiteny I :** Asa 8, 5-8. 14-17
**Tononkira :** Sal. 65,
**Vakiteny II :** 1 Pi. 3, 15-18
**Evanjely :** Jo. 14, 15-21

Efa manakaiky ny faramparan'izao vanim-potoana lehibe amin’ny Paka izao isika satria Alahady fahaenina androany ary afaka andro vitsivitsy dia hankalaza ny fetin’ny niakaran’i Jesoa Kristy any an-danitra isika.

Nandresy tokoa I Jesoa ka eo an-kavanan’Andriamanitra Ray, avy any izy araka ny tenin'Andriamanitra androany no mandefa ny Fanahy masina mba hitohy izay asa nataony tsy inona fa ny asam-pamonjena. Raha mivelona ny maha-zanak'Andriamanitra antsika isika dia izay no tena famonjena ary efa misantatra sahady ilay toerana misy an'i JESOA ANY AN-DANITRA isika ka ity tany ity zary tany vao sy lanitra vao, araka ny hira ataontsika : "Ry Tompo Andriamanitra Andriananahary" dia miova tany sy lanitra vao izao fiainantsika izao vokatry ny Fanahy masina.

Izao vanim-potoana mialoha ny fidinan’ny Fanahy Masina izao dia fotoana fihibohana nataon’ny Apostoly niaraka tamin’I Masina Maria. Expérience sarobidy ho antsika ihany koa izao krizy izao satria mivelona izay niainan’ireo Apostoly isika na dia tsy mitovy aza. Manantena isika fa raha ao amintsika ny Fanahy Masina dia zary Olombaovao isika satria rehefa onenan'ny Fanahy masina isika dia zary zanak'Andriamanitra ka manohy ny asan'i Jesoa, zary JESOA mpiara-belona amin'ny olona isika. Izany ny votoatin'ny tenin'Andriamanitra aroson'ny Eglizy ho antsika amin'izao Alahady fahaenina ny Paka izao.

Ny fampianarana voalohany ho antsika dia aoka hanao vavaka totoafo isika miaraka amin’i Masina Maria hanampy antsika handray Fanahy Mpanavao. Miandrandra fihavaozana isika. Fanorenana vaovao. Tsarovy fa ao anatin’ny vavaka no handraisana an’izany fanarenana sy fihavaozana izany.

Ry Kristianina havana, tsy hoe rehefa tonga ilay Fanahy masina amin'ny Pantekôty dia hisalotra ny Fanahin'i Jesoa isika tahaka ny tromba misalotra ny fanahin'ny olona anankiray, sanatria izany fa tonga zanak'Andriamanitra isika izay midika fihavaozana lehibe izay tsy mety ho takatr’izao tontolo izao.

Tsy mamatotra ny fanahin'Andriamanitra, tsy fanahin'ny tromba no raisina amin'ny batemy sy raisintsika amin'ny Pantekôty fa Fanahy mampiombona tanteraka amin'Andriamanitra ka amin'ny maha zanak' Andriamanitra antsika dia manohy ny asan'i KRISTY eo anivon'izao tontolo izao isika izany hoe irahina isika hitondra ny famonjena eo anivon'izao tontolo izao. Izany no maha-EOV MISIONERA antsika : vita batemy ka irahina hanorina ETA, irahina ho “tabernakla velona” tahaka an’I Masina Maria fa indrindra amin’izao andro sarotra izao mizara ny famindrampon’Andriamanitra eo anivon’ny fiaraha-monina.

Azontsika onogna tsara izany maninona isika no manao sinaody. Entanin’ny Fanahy Masina sady nahavoazina ka afaka mametraka avy amin’ireo dinika natao nandritra ireny Fijanonana ireny tetik’ady entina manatanteraka ny maha Iraka, maha Misionera antsika....Izany no kendrentsika amin’ny alalan’ny torolalana Pastôraly : Directoire Pastoral....

Ao amin'ny vakiteny voalohany, entanin'ny Fanahy masina ireo Apôstôly ka nametra-tànana ho an'ireo izay mbola tsy nandray an'izany : *"Nony tonga tany izy roa lahy dia nivavaka ho an'ny olona mba handraisany ny Fanahy Masina; satria vita Batemy tamin'ny anaran'i Jesoa Tompo izy ireo, fa tsy mbola nisy nidinan'ny Fanahy Masina na dia iray aza. Dia nametrahany tanana izy ireo, ka nandray ny Fanahy Masina" (Asa 8, 15 -17).*

Manohy ny asan'i KRISTY tokoa ireo Apôstôly, izany no antony nifidianan'i Jesoa azy ireo mba hanohy ny asany, miombona amin'i JESOA sy miara-belona taminy izy ireo.

Fantatsika ny fomba nifidianana ny Apôstôly ary tsy zovina amintsika fa nisy an'i Jodasy izay namadika azy nefa tanteraka izany mba ho feno 12 ny isan'izy ireo. Olona niara-niaina tamin'i Kristy mba ho vavolombelon'ny fitsanganan-ko velona ireo Apôstôly.

Manohy ny asam-pamonjena nataon'i Kristy, nametra-tànana izy ireo mba ho vita batemy ny olona, onenan'ny Fanahy masina ka zary vavolombelona, Tempolin'Andriamanitra velona. Tsy ilay tempoly ao Jerosalema intsony fa isika tsirairary avy izay tonga zanak'Andriamanitra dia tonga tempoly, onenan'ny Fanahy masina ka manambara ny fahamasinan'Andriamanitra dia tsy inona fa izy eo anivontsika, mpiara-belona amintsika.

Isika izao izay entanin'ny batemy noraisintsika no fahazavana sy fanilo ho an'ireo manodidina antsika, ka isika izay nandray ny Fanahy masina dia tonga vavolombelona ihany koa, izany no antintraterin'i Md Piera amin'ny vakiteny faharoa : *"Na i Kristy koa aza, niaritra fahafatesana indray mandeha noho ny otantsika, dia Izy marina ho an'ny tsy marina, mba hanolorany antsika amin'Andriamanitra, ka novonoina tamin'ny nofo Izy, fa novelomina tamin'ny fanahy." (1Pi 3, 17-18)* . Tsy moramora ny nahazoantsika ny Fanahy masina, na dia sarobidy aza ny volamena sy ny volafotsy dia i KRISTY izay tsy nanota fa kosa nanaiky ho fahotana sy nanolotra ny ainy ho antsika, izy ihany no hahazoantsika ny Fanahy masina.

Na dia misy aza ny mpanaratsy sy ireo mpanamavo antsika eo amin'ny fiainantsika, aoka hiseho ilay hasarobidin'ny Ràn'i Kristy, hiseho amin'ny fitondran-tenantsika, ny maha zanak'Andriamanitra antsika.

Tsara ho fantatra anefa fa tsy diplaoma ny batemy, tsy hoe "grady" ny maha zanak'Andriamanitra antsika fa kosa ezahintsika hibaribary amin'ny fiainantsika izany hoe mahay mampitraotro ny finoana sy ny fiainana andavanandro.

Ny fitondran-tenantsika no mampibaribary fa nandresy ny ratsy tokoa i Kristy, averimberintsika matetika fa isika Kristy mpiara-belona amin'ny olona ka ny fiainantsika no anehoantsika an'izany amin'ny alàlan'ny fanaovan-tsoa ka amin'izay rava ny endriky ny fanavakavahana, rava ireo herisetra manapotika ny fiainantsika na eo anivon'ny fianakaviana, na eo anivon'ny fiaraha-monina, na eo anivon'ny sekoly, na toeram-piasana. Amin'ny alàlan'ny fanaovana ny tsara no anehoantsika ny maha zanak'Andriamanitra antsika.

Mifanaraka amin'ny maha-zanak'Andriamanitra antsika izany ny fanehoantsika amin'ny mpiara-belona fa velona eo anivontsika tokoa i Kristy, mpiara-belona amintsika i Kristy.

Ry Kristianina havana, mety hilaza àry isika izay vita batemy manao hoe : *ahoana àry no anatanterahana an'izany* ?

Jesoa ao amin'ny Evanjely dia manambara fa hangataka amin'ny Ray izy ka homeny antsika ny Fanahy mpankahery, ny Fanahy mpanafaka alahelo, ny Fanahy mpanamasina antsika, amin'izay afaka hivelona ny fitondran-tena maha zanak'Andriamanitra isika ka ho tena kristianina.

Ny teny hoe KRISTIANINA dia avy amin'i Kristy ka hivelona ny maha-Kristianina isika satria hirotsaka ao amintsika, hitoetra ao amintsika ny Fanahy fahamarinana dia ho marina ny fiainantsika manontolo, ho lavitra ny lainga sy fitapitaka ny fitondran-tenantsika satria mifanaraka amin'ny fahamarinana nomen'i Kristy.

Na dia tsy lavorary aza isika dia volavolain'ny Fanahy masina mba ho Kristy velona, Kristy mpiara-belona amin'olona isika, hitoetra ao amintsika ny herin'ny Fanahy masina.

Famolavolan'ny Fanahy Masina antsika ny ezaka ataontsika mameno ireo sajoa saota. Tsy inona àry izany ny Sinaody miaraka amin'ireo fijanonana (station hoy isika tahaka amin'ny hazofijaliana) fa entina hanampy antsika hahay hameno ireo sajoa saota. Fanomezan'Andriamanitra Fahasoavan'Andriamanitra izany ho antsika Olo Araiky Jiaby izao Sinaody izao, fotoana ahafahantsika mianakavy manatanteraka ny ezaka : vavaka, fandalinam-pinoana, fanompoana, fandraisana an-tanana, fivoriana sy serasera ary fankalazana.

Mety mahatsiaro kivy isika eo amin'ny fiainana nefa mazava ny voalazan'I Jesoa amin'ny Evanjely fa tsy kamboty isika fa eo Izy Kristy, maro ireo vavolombelon'izany teo amin'ny fiainany, eny na dia ho faty martiry aza, anisan'izany i Lucien Botovasoa izay irintsika mba ho famantarana ho antsika ihany koa, mba ho modely ho antsika izany hoe afaka mivelona ny maha Kristianina, amin'ny fijoroana ho vavolombleona, amin'ny maha-martiry izany hoe vavolombelona, tsy hoe notadiavina izany fa fanentanan'ny Fanahy masina tokoa.

Ny Evanjely androany dia tena mifampitohy tanteraka amin'ny efa naroson'ny Eglizy ho antsika tamin'ny Alahady heriny, hoy isika. Ny evanjely tamin'ny heriny dia niresaka indrindra ny fankaherezan'i Jesoa ny mpianatra mba tsy hitebiteby *« Aoka tsy hitebiteby ny fonareo. Mino an'Andriamanitra hianareo, ka minoa ahy koa......fa handeha aho hanamboatra fitoerana ho anareo, ary rahefa lasa aho ka voavoatra ny fitoerana ho anareo, dia ho avy indray aho haka anareo ho any amiko, dia izay itoerako no hitoeranareo koa. » (Jo. 14: 1 – 4)*. Io tenin'i Jesoa io no valin'ny ahiahim-pontsika, tanteraka izany rehetra izany raha niakatra any an-danitra i Jesoa, araka ny voalazany dia handefa ny Fanahiny izy ilay Fanahy mpankahery, mpanazava, mpanamarina, mpanafaka alahelo ka tsy hatahotra intsony isika.

Izany Fanahy masina izany no noraisin'i Masina Maria tamin'ny fiarahaban'ny Arkanjely Gabriely hoe "Aza matahotra ianao ry Maria". Miaraka amin’I Masina Maria isika ka tsy matahotra ary entanin’ny Fanahy Masina koa isika ka mitarika ny olona tsy hatahotra. Isika tokoa no KRISTY mpiara-belona amin'olona.

Ry Jesoa Tompo ô, ampio izahay amin'izao fiainanay izao, ny Fanahinao masina izay andrandrainay ny fahatongavany amin’ny Pantekoty anie hanavao anay. Izy anie hanafaka anay amin'ireo fatopatotra rehetra ka hanazava izay mbola tsy azonay mba hahatonga anay ho zanaka tanteraka tokoa ary ny Fanahy masina no hankahery anay hahatonga anay ho tena vavolombelona, tsy hatahotra izahay, tsy havozo fa hijoro mandrakariva ho fahazavana sy fanasina amin'ireo mpiara-belona aminay.

Ry JESOA TOMPO ô ianao tokoa nampanantena ny Fanahy masina ary nampidina azy tamin'ny Apôstôly ka arotsahy aminay àry izany Fanahy izany, ary ataovy mifanaraka amin'ny maha-Kristianina anay ny fiainanay andavanandro. Ampio izahay hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Masina Maria Reny ô tsy nisaraka tamin’ny Apostoly tao amin’ny Senakla nivavaka ianao mba ho vonona handray ny Fanahy ny Apostoly hahatonga azy ireo ho vavolombelona, ho misionera. Md Josefa mivavahà ho an’ny fianakaviana Eglizy kely mba samy ho senakla ka havaozin’ny Fanahy Masina. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson